

A Ny vanim-potoanan'ny loza farany. Apokalypsy 15.

- ❖ Ny olona tsirairay eto an-tany dia samy efa nahazo fotoana mety nahafahany nisafidy na hanompo an'Andriamanitra na hanompo ny bibidia. Hitan'i Jaona ireo mpandresy: ireo izay nanaiky an'Andriamanitra. Nefa, tsy mbola handray ny valisoany izy ireo.
- ❖ Niova any an-danitra ny sehatra (and. 5). Feno setroka ny tabernakely (Eks. 40:34-35; 1Mpanj. 8:10-11). Vita ny asa fanelanelanana ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra. Tapitra ny androm-pahasoavana.

B Ny loza voalohany. Apokalypsy 16:1-11.

- ❖ Mitovy amin'ireo loza niseho tany Egipta ireo loza ireo. Manambara ny hamafin'ny fon'ireo izay nisafidy ny hiankohoka amin'ny bibidia (and. 2, 9), sy ny tsy fananan'ny devoly hery ho entina miaro ireo izay miankohoka aminy (and. 10-11).
- ❖ Aorian'ny vokatra mahatsiravina ny loza efatra voalohany, dia hitady fanampiana amin'ny bibidia izao tontolo izao. Nefa tsy afaka ny hanampy azy ny bibidia (ny seza fiandrianany dia feno haizina, ara-tandindona).

D Ny loza fahenina.

❖ Ritra ny ony Eofrata. Apokalypsy 16:12.

- Ny ony Eofrata dia ritra ara-bakiteny rehefa lasan'i Kyrosy i Babylona fahiny.
- Tsy afaka mamonjy ny olona ny fahefana papaly, koa dia mitodika amin'ny Protestanta mihemotra izy. Amin'ny farany, dia samy tsy hanohana azy ireo intsony ny olona ary tonga ny fotoana izay hiverenan'i Jesosy handray ny Azy (and. 15).

❖ Ireo hafatra telon'i Satana. Apokalypsy 16:13-14.

- Mandefa hafatra telo ho hala-tahaka sandoka amin'ireo hafatry ny anjely ao amin'ny Apokalypsy 14 i Satana. Hanatanterahany izany, dia mampiasa ny spiritisma (ny dragona), ny fahefana papaly (ny bibidia) ary ny Protestanta mihemotra (ny mpaminany sandoka) izy.
- Amin'izay fotoana izay, dia efa nesorin'Andriamanitra amin'ireo izay tsy nanaiky Azy ny Fanahiny Masina. Ho mora voafitak'ireo famantarana sy fahagagana ataon'ny devoly izy ireo, ka dia hitodika aminy indray (jereo 1 Tesaloniana 2:11-12).
- Atomotra ny farany: “Indro, avy toy ny mpangalatra Aho.” (and. 15). Manao fanafihana farany Satana.

❖ Ny adin'ny Hara-magedona. Apokalypsy 16:15-16.

- Hara-magedo dia midika hoe “tendrombohitr'i Megido” amin'ny teny Hebreo. Tsy misy toerana mitondra izany anarana izany, fa misy faritra iray kosa any Palestina antsoina hoe “Megido.”
- Amin'io fanafihana farany io no hiezahan'i Satana hamotika ireo olona mitoetra mahatoky amin'Andriamanitra. ***Vonona ho mahatoky amin'io ady farany io isika raha toa ka mitoetra mahatoky amin'ny fakam-panahy mahazo antsika ankehitriny izao.***
- Ny loza fahafito no hanapaka an'io fanafihana io (and. 17-21). Izany dia hiseho mialoha indrindra ilay “fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy.” (Titosy 2:13)